TARIKA AMBONDRONA

# Namoaka raki-kira vaovao: “ho soa hatrany”

Azo jifaina manomboka anio eny amin’ny “Shop Telma” rehetra manerana ny nosy ny raki-kira vaovao andiany faha 7 navoakan’ny tarika Ambondrona, manomboka ny alakamisy 26 Novambra 2020 ary hita eny amin’ny tambazotran-tserasera “On line” adiresy mailaka www.ketrika.com. Raki-kira novolavolain’ny tarika tany ivelany ahitana hira miisa 9, miaraka amin’ny sarin’ ny tarika sy ireo tonon-kira voarakitra ao anatin’ny kapila mangirana. Nilaza ny mpikambana iray ao amin’ny tarika, fa noezahina navoaka ao anatin’ny iray andro manerana ny nosy ity raki-kira ity, mba hisorohana ny “Piratage”, izay tena manimba ny fiainan’ny Artista Malagasy raha resaka varotra sy fanjifana sangan’asa kanto no resahana. Nanohy nanazava ity mpikambana ao anatin’ny tarika ity, fa hanatanteraka hetsika ara-kolontsaina maromaro ny tarika Ambondrona amin’ ny volana desambra ho avy izao, ho fampahafantarana an’ity raki-kira ity, ao anatin’izany ny seho sehatra izay hatao etsy amin’ny Ifm/Ccac amin’ny 11 desambra 2020, ka hatramin’ny 13 desambra 2020, ny seho sehatra etsy amin’ny “Centre commercial” Anosizato, ny 17 desambra 2020 ho avy izao. Tsiahivina fa miara-miasa amin’ny Tel-ma sy Canal Plus ny tarika Ambondrona, amin’ny fanatontosana sy ny fivarotana ny raki-kira ary mbola hankalaza ny faha-20 taona nijoroany ny tarika Ambondrona amin’ny taona 2021 ho avy izao. Marihina fa nampahafantatra tamin’ny fomba ofisialy an’ity raki-kira ity, tetsy amin’ny “Restaurant Phô” Ampasamadinika ny talata maraina teo ny tarika Ambondrona, izay nilazan’ireto mpikambana ao amin’ny tarika, fa tokony ho nivoaka tamin’ny volana martsa 2020 lasa teo ity raki-kira ity, kanefa nohon’ny fidiran’ny Covid 19 teto Madagasikara dia nahemotra ny famoahana an’izany.



*Ny tarika Ambondrona.*

***Franck Razakambelo***

Randria d’Ambahive

# Mivoy ny « Zekizeky »

Randria d’Ambahive, mpanakanto avy any Manakara (Lokomby), faritra Vatovavy Fitovinany. Milofo fatratra ho amin’ ny fivoiza-na sy fametrahana amin’ ny toerana mendrika ny mozika nentim-paharazana malagasy. Anisan’ny ifo- torany ny filalaovana ny gadona sy fomba fandihy « Zekizeky », izay ahitana fitoviana amin’ny « Antôsy ».

**Manala voly sy manabe**

Mampiavaka an’i Randria d’Ambahive ny fisian’ny anatra sy fampitan-kafatra any anatin’ireo tononkira jariany. « Azo atao tsara ny mampiray lalana ny fanabeazana sy ny fampialana voly ireo mpankafy ny mozika », hoy ity mpanakanto izay efa nivoy ny mozika nentim-paharazana hatrany amin’ny taona 2005. Maha sarotiny an’i Randria d’Ambahive, araka izany, ny lafiny famoronana tononkira sy ny fandrindrana azy ireny mba hanjary taokanto mitoetra hahatety vanim-potoana maro mifandimby ary ho sahaza ny isam-baravarana.

Ampahany amin’ireo vazondRandria d’Ambahive efa maro mpanjifa sy mpankafy ny « « Lahy anaky » sy ny « Fiainana Ambanivolo » ary ny « Lohankarena ». Hira samy mirakitra ny zavamisy eo amin’ny fiainandRamalagasy. Andalana ho amin’ny famoahana, ny kapila mangirana amin’ny endrika DVD, laharana fahatelo, hirakitra sanganasa miisa 08 ankehitriny izy 12 mianadahy mandrafitra ny tarika Randria d’Ambahive. Sarotra sady mideza ny lalana no finidin-dRandria d’Ambahive, ho amin’ny fanabeazam-boho sy fanomezankasina indray ny mozika nentim-paharazana malagasy noho ity farany toa zary lasa toy ny « Valalan’Amboa ». Manao antso avo amin’ireo tsara sitra-po sy mandraharaha amin’ny mozika, araka izany, i Randria d’Ambahive, hifanome tanana aminy, ho amin’ny fanandratana indray ny mozika toto-tanana malagasy mirakitra soatoavina.

***Lalasoa R.***



**Randria d’Ambahive, nisafidy ny fivoizana ny mozika nentim-paharazana hatrany.**

# Mazotoa mihira

Mazava tsy misy ho kianina ny voalazan’ny tononkira, fa misy ifandraisany amin’ny iainantsika ankehitriny, koa mazotoa mihira sady mitraka amin’izay.

## AZA MISARA MIANAKAVY

**Mpamorona : Rabekoto Honoré / Mpihira : Tarika Mahaleo**

Efa akaiky ny maraina
Ho foana ireo taraina
Ilain'ny zanak’olombelona
Hiaraka hifamelona
Na havoana, lohasaha
Tsy hisy didy jadona
Ny hirantsika roa lahy
Hadio toa rano an’ala

Aza misara-mianakavy
Sy mitokatoka-monina
Ny herisetra aleo ho avy
Fa hiparitaka any anaty haizina

Masoandro aman-bolana
Hamono ity ady
Velon-kira ireo vorona
Foana teo ny rahon’ady
Rindrina izay mamefy
Hirodana avy hatrany
Ny fahavalo dia ho lefy
Fandresena eran-tany

Aza misara-mianakavy
Sy mitokatoka-monina
Ny herisetra aleo ho avy
Fa hiparitaka any anaty haizina

Fanjakana loham-boto
Tsy mba mety ho ela velona
Mbola hadio ireo maloto
Henatrin’ny olombelona

Mbola ho avy ilay maraina
Ho foana ireo taraina
Ilain’ny zanak’olombelona
Hiaraka hifamelona

Aza misara-mianakavy
Sy mitokatoka-monina
Ny herisetra aleo ho avy
Fa hiparitaka anaty haizina



## Sakafo Ny Valosoa



**Sofin-kisoa sy petit pois ary karaoty** indray no laoka amin’ny Sakafo eto amin’ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso ananambo sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fomba natoraly fitsaboana ny sempotra misohiaka

Fomba natoraly fitsaboana ny sempotra misohiaka na asthma indray no Mahasoa eto amin’ny gazetinao androany. Mena-boay no ilaina amin’izany. Somary ratsy tsiro sy tena ratsy fofona kanefa tena mahasitrana.




Ny fihinana azy :

- Isa-maraina vao mifoha avy nisotro rano matimaty iray vera dia mihinana iray sotrofihinana ( olon-dehibe) , sotrokely ( zazakely 7 taona no mihoatra) amin’ilay mena-boay.
- Raha ankizy kely dia iray sotro kely raha olon-dehibe dia iray sotro fihinana.

Mila mahavatra manao isan'andro dia mila manana faharetana kely. Tohizo mandritra ny herintaona tsy tapaka, fa ho hitanao fa tsy ho sempotra intsony ianao raha tsy hoe tena "cas extrême" toy ny hoe setroka be, na vovoka be ilay tena tany mena maina be reny. Dia mila maka rivo-dranomasina kely koa.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan’i Vinanivao, any amin’ny distrikan’Antalaha, faritra Sava

Ny tanànan’i Vinanivao any amin’ny distrikan’Antalaha, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin’ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Vinanivao ity tanàna ity. Any amin’ny farany atsimon’ny distrikan’Antalaha no misy azy, tendron-tany miditra an-dranomasina izy, any koa no misy an’i Cap Est, amoron’ny Helodranon’i Antongil. Amin’ny maha-amoron-dranomasina azy, iva toerana Vinanivao satria 5 m ny haavony miohatra amin’ny ranomasina. Vokatra any ny lavanila, ankoatra izany, mpanjono ihany koa ny mponina any an-toerana. Betsimisaraka tavaratra no mponina anisan’ny maro an’isa any Vinanivao.




